ANKAZOBE

# NIREFODREFOTRA NY BASY OLONA 2 NISY NAKA AN-KERINY

4

MARINA IZANY !

## TAOM-....PIFIDIANANA !

7


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7679 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 26 septambra 2023


SENDIKAN'NY ARTISTA

3




## MANAO ANTSO AMIN'IREO MAMPIASA NY SANGANASANY

BEN'NY TANÀNAN'ANTEHIROKA

7

# NIVOAKA TAMIN'NY FAHANGINANY !



RUGBY

"TIBU SUMMER CAMP"

3

## ANKIZY AN-JATONY NAMPILALAOVINA TETSY ANDOHATAPENAKA

VONDRON'NY KANDIDA 11

7



# HAMORY VAHOAKA ETSY MAHA-MASINA

SERANANTSAMBON'EHOALA

2



## TONGA NY FANTSONA 1 000 HITARIHANA NY RANON'EFAHO







Karatany sy titra faobe

# Manodidina ny 1 tapitrisa no efa voazara

*Omaly, nisy ny lanonana fanolorana karatany maherin'ny 12 000 sy titra 282 ho an'ireo mponina tao amin'ny distrikan'Ankazobe.*



**Nitarika ny lanonana tany Ankazobe ny Minisitra Ramaholimasy Holder.**

Mihazakazaka ny fizarana karatany sy titra faobe. « *Araka ny fanamby napetraka tany am-panombohana ity hetsika ity dia fianakaviana eo amin'ny 2 tapitrisa no heverina hisitraka ny karatany sy titra faobe hatramin' ny faran'ity taona ity. Manodidina ny 1 tapitrisa ireo efa nisitraka hatramin'ny anio. Na ho tratra na tsia io fanamby io dia mbola mitohy hatramin'ny volana jona 2024 ny hetsika fizarana miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka. Efa voafaritra ao anatin'ny PEM (Plan Emergence Madagascar) koa fa fianakaviana eo amin'ny 5 tapitrisa no hosoratana amin'ny taniny hatramin'ny fiafaran'ny taona 2028 ary tsy tokony hijanona hatreo ny ezaka fa tokony hitohy mandava-taona mandra-pahatongan' ny Malagasy ho tompon'ny taniny.* », hoy Ramaholimasy Holder, Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny fananan-tany. Omaly, nisy ny lanonana fanolorana karatany maherin'ny 12 000 sy titra 282 ho an'ireo mponina tao amin'ny distrikan' Ankazobe. « *Efa 10 taona no nividianako ny tany, saingy ankehitriny vao voasoratra amiko. Telo volana taorian'ny fikarakarana ny taratasy rehetra dia nivoaka ny karatany.* », hoy Randriamazava Albert, mponina ao amin'ny kaominina Kiangara. Karatany eo amin'ny 95 000 sy titra 3 500 no vinavinaina hozarana ao anatin'ny faritra Analamanga, ka ny ao Ankazobe no hahazo betsaka indrindra.

**R. Muray**

Seranantsambon'i Ehoala

# Tonga ireo fantsona 1 000 hitarihana ny ranon'Efaho


**Ireo tomponandraikitra nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny seranantsambon'i Ehoala.**

Tonga ao amin'ny seranantsambon'i Ehoala Taolagnaro ny fantsona lehibe 1000 izay hitarihana ny rano miainga avy amin'ny reniranon'i Efaho hisintomana rano ho an'Androy omaly. Raha ny fantatra dia tanàna 60 izay : hisy tanàna 40 ho an'ny Faritra Anôsy ary 20 ho an' Androy no hiarahisitraka rano fisotro madio, hanondrahana fambolena ary ho rano fisotron'ny biby fiompy, izay miantoka ny fampandrosoana ifotony. Nandray ireto fitaovana ireto tamin'ny fomba ofisialy ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, Fidiniavo Ravokatra, ny Minisitry ny Jono sy ny toekarena manga, Mahatante Paubert ,ary ireo delegasiona teo ambany fitarihan- dRtoa Voahary Rakotovelomanantsoa, Governoran'ny Faritra Anôsy sy Atoa Soja Lahimaro, Governoran'ny Faritra Androy. Hiroso tsy ho ela ary ho tanterahana ny asa fanamboarana ny tetik'asa Efaho, ary ezaka lehibe avy amin'ny fitondram- panjakana ny fanatanterahana izany. Nisaotra sy nankasitraka an'izao dingana voalohany efa ataon'ny fitondram-panjakana izao ireo Raiamandreny avy amin'ny faritra 2 izay hisitraka ny tetik'asa ary mahatsapa fa tsy resa-be no natao ny hametrahana ny fampandrosoana eny ifotony.

**Heriniaina A.**

Oniversiten'Antananarivo

# Nihidy avokoa ny vavahady rehetra

Voatery nisaoty tamboho ireo mpianatra izay niditra ny faritry ny Oniversiten'Antananarivo omaly. Nahagaga ny olona nandalo teny an-toerana ny nahita an'ireo mpianatra izay nanao an'izany noho ny vavahady rehetra teny amin'ity Anjerimanontolo ity nihidy avokoa. Etsy ankilany tsy mbola voaloa ny karaman' ny vakatera 3 taona ka mitaraina izy ireo ka antony tsy mbola mampilamina ny eny anivon'ny Oniversiten' Antananarivo. *"Tsy mihaino ny mpitondra fanjakana sady tsy manaja lalàna. Lasa natao toy ny resa-jaza voky alina no natao anay mpampianatra an-tselika hatramin'izao kanefa dia izahay no maro an'isa indrindra mizara fahaizana sy fahalalana ho an'ny mpianatra"*, hoy ny solonetanan'ireo mpampianatra vakatera. Nomarihan'ity farany moa fa tsy mba mandray vola isam-bola izy ireo fa ny ora fanampiny no mba andraisana ny valin-kasasarana. Isan-taoana anefa dia tokony haloan'ny fanjakana izany vola izany. Tsara ho fantatra anefa da raha mijanona tsy miara-mampianatra intsony ireo mpampianatra vakatera rehetra dia hikatso tanteraka ny fampianarana eny Ankatso.

**HAR**



**HOTSAKOTSAKOINA**
"Tsy misy afaka hampihemotra na hanafoana velively ny planin'Andriamanitra. Aminy dia efa voakasa sy voatokana avokoa na ny hoavy na ny lasa."
Ny Vetso (25/O3/16)
("Nothing can stop God's plan for your life.")
("For the LORD of hosts hath purposed, and who shall disannul it? And His hand is stretched out, and who shall turn it back?" Isaiah 14:27)

Artista sy ny propagandy

# Manao antso amin'ireo mpampiasa sanganasa ny Sendika

*Efa misy ny artista mitaraina fa ampiasain'ny kandida sahady amin' izao fotoana izao ny hirany.*


**Sombiny amin'ireo mpikambana ao amin'ny sendika. ( Tahirin-tsary)**

*«Mila fifanarahana an-taratasy amin'ny mpanakanto na ny mpikarakara azy ireo ( manager) na ny mpamorona an-tsoratra ( contrat) ny fampiasàna ny sanganasan' izy ireo efa malaza sy fantabahoaka raha toa ampiasaina amin'ny meeting publicités na spot manana endrika politika na promotion ny candidat iray na ny antoko na ny vovonana manolotra azy ».* Io no votoatin' ny fanambarana fampatsiahivana nataon'ny sendikan'ny kanto omaly, ary navoakan'i Rossy tamin'ny pejiny. Efa misy rahateo ny artista mitaraina fa ampiasain'ny kandida sahady amin'izao fotoana izao ny hirany.

Voalaza fa *« azon 'ny kandida atao tsara kosa ny mamorona hira fanevan'ny fampielezankevitra ho azy manokana miaraka amin ny mpanakanto finidiny. Na maka fanomezan-dalana any amin ny voakasiky ny rahararaha ( mpamorona, mpihira malaza tompon' Anarana, tarika, ary fehezin'ny fifanarahana eo amin'izy roa tonta irery ihany kosa izany ».*

Nohamafisin'ny fanambrana fa ny *« mpanentana sy mpanafana lanonana manao ny asany ny mpanakanto sy ny mpitendry miaraka aminy, koa tsy voatery hamatotra azy amin'ny antoko na olona iray izany asany izany ,afa tsy hoe ilay mpanakanto mihitsy angaha no milaza ho mpanohana an-dranona na ranona araka ny safidiny izay malalaka tanteraka tsy misy hidiran'ny sendika ».*

**Nangonin'i Fy**

Basket-ball - Klioba DUNAMIS

# Hankakaza ny herintaona niorenany

Hafana ny fankalazana ny tsingerintaona voalohany niorenan'ny klioba DUNAMIS amin'ny basket -ball eny Ivato, izay mandray anjara amin'ny fifaninanana karakarain'ny Section Ambohidratrimo. Hanomboka amin' ny faramparan'ny oktobra 2023 ny hetsika ataony ary hitohy amin'ny voalohandohan'ny volana novambra 2023. Fifaninanana maro karazana no ataony ka anisan'izany ny " Tournoi Inter-entreprises - Tournoi OPEN Homme/ Dame et Vétéran Homme/Dame - Rencontre 3x3 U8 et U10 Garçon/ Fille". Hatao eny amin'ny kianja AGREE Para Ivato sy ny Esca Para Mamory Ivato ny lalao. Entina hamaranana ny hetsika amin'ny 01 novambra 2023 ny diabe mamakivaky ny tananan'Ivato, ary faranana ny fanadiovana ny kianja fanaovan'ny klioba DUNAMIS fanazarantena sy ny manodidina any. Momba ny " Tournoi Inter-entreprises" dia iarahan'ny lahy sy vavy (mixte). Tsy mahazo mandray ny mpilalao manana karapilalaovana, ary tsy maintsy ahitana vehivavy iray eny ambony kianja. Ankoatra ny taranja basket -ball dia hisy koa fifaninanana amin'ny kanetibe iarahan'ny lahy sy vavy ka afaka manolotra ekipa roa ny orinasa iray (doublette mixte). Toraka izany koa ny fitsipika mifehy amin'ny fifaninanana "belotte". Momba ny "Tournoi OPEN " lahy sy vavy kosa indray dia afaka mampilalao mpilalao amin'ny sokajy N1A iray ihany eny ambony kianja, ka tsy afaka milalao afa tsy amin'ny ekipa iray ihany izy. Ny fifaninanana amin'ny "FIBA 3x3" ho an'ny ankizy lahy sy vavy latsaky ny valo sy folo taona dia eny kianja AGREE Para Ivato no hanaovana azy amin'ny 30-31/10/2023 - 01/11/2023.

Loka maro no ho zaraina ho an'ny mpandresy ka anisan' izany ny omby sy ondry ary ny medaly. Ahafantarana misimisy kokoa ny fandaharandalao dia hisy fivoriana hatao eny amin'ny Resto New Para Ivato amin'ny sabotsy 30 septambra 2023 (2 ora) ho an'ny ekipa miatrika ny "Open". Zoma 27 oktobra 2023 kosa indray no hanaovana ny fivoriana ara-tekinika ho an'ny " Tournoi Inter-entreprises" sy ny ankizy latsaky ny valo sy folo taona, izay mbola tanterahina hatrany eny amin'ny Resto New Para Ivato (2 ora).

**aris rafaly**

Fondation Orange

# Nanokatra ny "village solidaire" andiany voalohany omaly

Notanterahana omaly tetsy amin'ny Orange Ankorondrano ny andiany voalohany amin'ny "salon village solidaire". Hetsika iray entin'ny fondation Orange moa izy io mba hampisehoany ireo asa sosialy izay tanterahan'izy ireo. Tsiahivina tokoa fa ny taona 2005 no efa nanao izany asa sosialy izany ny orange. Mifantoka amin'ny sehatra maromaro izy ireo amin'izany: eo ny "village orange" izay tanàna iray ahitàna an'ireo tolotry ny orange rehetra. Eo koa ny "Maison digital" izay toerana iray hampiofanana ny vehivavy mba ahatonga azy ireo ho lasa mahaleo tena, eo koa ny "ecole numérique" izay natokana ho an'ny mpianatra manomboka any amin'ny kilasy ambany indrindra izany. Tsy adino koa ny "FabLab Solidaire" izay natao ho an'ny tanora tia mikirakira ny resaka "robot" izy io. Ary farany dia ny fampiroboroboana ny tontolon'ny boky sy ny vakiteny. Miara-miasa akaiky amin'ny mpanoratra sy ny mpanakanto rehetra ny orange ao anatin'izany. Ireo sehatra izay iantefan'ny orange ireo no nandray anjara tamin'ny fampirantina izay natao nandritra ity hetsika ity. Nisy teo amin'ny 50 isa teo ny tranoheva nandray anjara. Ankoatra ny fampirantina dia nisy koa ny karazana valandresaka ho an'ny vehivavy,ny tanora. Teo koa ny fanaovana fitiliana maimaimpoana samihafa sy ny fizaham-pahasalamana. Naharitra iray andro moa ny hetsika saingy maro ireo zavatra azo noraisina izay mbola hisy tohiny amin'ny fotoana hafa indray.

**Tanya.R**

Rugby - " Tibu Summer Camp "

# Ankizy an-jatony no nampilalaovina tetsy Andohatapenaka

Notanterahana tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ny faran'ny herinandro teo, ilay hetsika « Tibu Summer Camp », ho an'ny taranja Rugby. Ny Tibu Africa sy ny Terres en mêlées Madagascar no nikarakara izany, izay notohanan'ny orinasa Ford sy Materauto. Tafiditra ao anatin'ilay « Global caring Month » ny hetsika, izay fotoana hampivondronana ireo ankizy lahy sy vavy, anelanelan'ny 7 ka hatramin'ny 15 taona. 100 mianadahy avy any amin'ny faritra iva izy ireo no tonga teny an-kianja, izay nentanina sy nofanina ary nampilalaovina rugby, niendrika fanazarantena. Teknisianina miisa 20 mianadahy avy amin'ny Terres en mêlées sy mpanentana avy any Toliara no niandraikitra izany. Vy nahitana ary angady nananana, izao hetsika izao, ny Panafricaine, izay manana vina sy tetikasa amin'ireo firenena efatra eto Afrika. Tanjona ny hampivoatra ny fiainan'ireo ankizy, ho sahy hiatrika fiainana. Tafiditra ao anatin'izany, ny fampianarana azy ireo ny tenim-pirenena, ny "informatique" ary indrindra ny fanatanjahantena. Nambaran'i Frederic Schaffner, tale jeneralin'ny Materauto fa ny mba hisian' ny ankizy ho lasa toa an'i Marcelia, tovovavy nioitra tao anatin'ny rugby ka lasa masoivohon'ny Terres en mêlées maneran-tany. Fotoana ihany koa nanentanana ireo mpiara-miasa tao amin'ny Materauto sy Ford, niala amin'ny rotorotom-piainana andavanandro ka nampahafantatra ireo mpiasa ao aminy, hijery ny sehatra hafa eto Antananarivo, dia ireo ankizy eny ambany tanàna amin'ny rugby.

**Rabenaivo**

" Represent Kolontsaina Hip Hop "

# Hetsika hanasongadinana ny " DJ ing " sy " Mcing "

Mahazo vahana eto amintsika ny kolontsain'ny lalana ka tafiditra ao anatin'izany ny Hip Hop. Izany indrindra no nahatonga ireny hetsika maro samihafa ireny mba hanasongadinana fa velona ny Hip Hop eto amintsika. Mbola mitohy izany ka ny Alahady 1 Oktobra izao dia misy indray ny hetsika nampitondraina ny lohahevitra hoe « Represent Kolontsaina Hip Hop » izay atao eny amin »ny Kolo'Art eny Tanjombato. Taranja roa ao anatin'ny hip hop ihany ka no havoitra amin'io fotoana io dia ny « Dj ing » na fikosehana kapila manara-drafitra sy ny « MC ing » na ny fihangaliana hira Rap. Eo amin'ny Djing dia haneho ny talentany Dj Bazou Selekta sy Line Up. Eo amin'ny MCing kosa dia hampiraisana sehatra ireo mpanakanto vaovao sy efa tranainy. Heneho ny talentany amin'izany ry Adama Skay, Psykopasy, Laz,Ti-ah, Masobongolava, Voaygang, Lezionita, Dabo, 102 Fihavanana. Araka ny fanazavana dia samy hanana anjara hira 5 na 6 avy eo ny tsirairay mba ahafahan' izy ireo mampahafantatra ny sanganasany. Izany indrindra no antony nahatonga ny mpikarakara hanomboka ny hetsika amin'ny 1 ora tolakandro.

Ity hetsika ity moa raha ny fanazavana ihany dia natao ihany koa hanamarihana ny faha-50 taona nisian'ny HIP HOP. Natao eny Atsimondrano ilay izy mba hanomezana fahafaham-po ireo mpankafy maro eny amin'ny faritra iny. Marihana fa ny Hip Hop dia taranja 5 no mandraiftra azy dia ny Rap ( MCing), le DJing, le Break dancing (b-boying), Graffiti ary ny Beatboxing

**Tiaray R**

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Mm Feno. Mivídy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 639/20-19)

* Mividy lamba, kiraro, fitaovan-dakozia, kahie, machine, TV. Mama Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 650/11-10)

**COURS**

* Cours de coiffure acceléré, tsisy écolage. Afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 641/20-17)

* Cours de coupe et couture ahaizana manjaitra @ fomba tsotra. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 648/15-11)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 649/15-11)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 656/5-3)

**VIDANGE**

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 655/6-4)

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 644/22-16)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 654/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 654/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 654/6-3)

Ankazobe

# Nirefodrefotra ny basy, olona roa nisy naka an-keriny

*Mbola tsy nisy ny fitakiana vola ho takalon'ny ain'ireo olona ireo.*

Dahalo ampolony nirongo basy no naka an-keriny tao amin'ny tanàna iray antsoina hoe Mandrosoa, Fokontany Ambohimanarina kaominina Talata Angavo distrikan' Ankazobe, ny alin'ny alahady teo tokony ho tamin'ny 9 ora tany ho any. Olona roa no nalain'izy ireo an-keriny tao amin'io toerana io. Izany hoe tsy nanao zavatra hafa ankoatra izay ireo olondratsy. Dahalo 12 lahy mitondra fitaovam-piadiana no nandray anjara tamin'ity asa ratsy ity. Vao tafiditra ilay tanàna izy ireo dia nanapoaka basy mba hampitahorana ny manodidina. Tao anatin'izany no nentin'izy ireo ny lehilahy (50 taona) sy vehivavy (35 taona ) iray, izay mbola tsy hita hatramin'izao.

**Mafana**

Vao naharay ny antso vonjy ny mpitandro ny filaminana dia nanao ny fanarahan-dia ary efa any an-toerana avokoa ny zandary sy ny miaramilan'ny Tafika. Mbola tsy nahitambokany ny fikarohana hatreto saingy mbola mitohy ny fanenjehana ireo tsy matahotody ireo amin'izao fotoana izao. Na izany aza mbola tsy nisy ny fitakiana vola ho takalon'ny ain'ireo olona ireo, araka ny angom-baovao voaray. Tranga fakana ankeriny faharoa ity niseho tao Talata Angavo ity ho an'i Distrikan'Ankazobe. Tsara ho marihina fa sokajiana ho anisan'ny toerana mafana amin'ny tsy fandriampahalemana iny faritra iny.

**Ariel D.**

Ankaraobato

# Lehilahy tratra nangalatra môtô an'ny mpitandro filaminana

Mpitandro filaminana iray mipetraka eny Ankaraobato no very môtô. Ka rehefa nandeha ny fanadihadiana dia lehilahy ray 27 taona no voasambotry ny polisy miasa ao Tanjombato ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina teny amin'ny toerana antsoina hoe Ankadinandriana. Raha vao nahafantatra io mpitandro filaminana io fa nisy nangalatra ny fananany dia nandeha nampandre polisy. Nisy avy hatrany ny fidinana ifotony nataon'ireto farany raha vao nandre izany ary natao ny fanarahan-dia ka mbola tratra teny am-panosehna io môtô io ralehilahy. Nosavaina ihany koa ralehilahy ka nandritra izany no nahitna fonosana rongony iray teny aminy. Taorian'ny fisamborana dia nentina avy hatrany tany amin'ny biraon'ny polisy izy.

**Tratra hafa**

Fa resaka halatra izay ihany dia lehilahy iray 60 taona ihany koa no voasambotry ny polisy teny Saropody omaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Olona teny an-toerana no nahita azy nihanika tambohon'olona tao amin'ny trano iray. Ka io no nampandre polisy avy hatrany. Tonga dia nandeha tany an-toerana ireo mpitandro filaminana raha vao nahafantatra ny zava- niseho. Tonga arapotoana izy ireo ka tratra teo an-tokontanin'ilay trano ilay rangahy. Nosavaina izy ka nahitana jiro fanao ampaosy sy pince coupante tany aminy. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian' izay.

**T.H**

Ankazobe

# Trano 20 kila hotohoton'ny afo

Trano 20 izay mitafo bozaka avokoa no nirehitra tsy nisy noraisina tany amin'ny toerana antsoina hoe Soavimanjaka any amin'ny kaominina Fiadanana ao anatin'ny distrikan'Ankazobe ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany tolakandro. Araka ny fanazavana dia tsy fitandremana vokatry ny filalaovan'ny ankizy afo no nahatonga ny firehetana avy tao amin'ny tokantrano iray. Nahazo ny rindrina mantsy ny lelafo ka nandoro ny trano iray manontolo. Avy eo dia nifindra tany amin'ny trano teo akaikiny ny firehetana satria tafo bozaka rahateo ilay izy. Dia io nitatra tany amin'ireo trano maro hafa izany avy eo. Raha vao nahita ny afo nijoalajola ny olona dia nanao izay ho afany tany amin'ny famonjena. Kanefa na dia izany aza dia be dia be ny entana may. Tokony ho tamin'ny 7 ora hariva vao voafehy tanteraka ny afo. Efa tonga nidina ifotony teny an-toerana ny mpitandro filaminana raha vao naheno mikasika ity haintrano ity. Fantatra fa olona 220 no tsy manankialofana ary eo amin'ny 25 tapitrisa ariary eo ny tombam-bidin'ny entana simba sy kila. Soa aloha fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity loza ity.

**T.H**

Itaosy

# Tambajotran-jiolahy ravan'ny zandary, 5 voasambotra

Jiolahy malaza amin'ny vaky trano sy fanafihana mitampiadiana teny amin'ny faritr'Itaosy iny ireto voasambotry ny zandary ireto. Dimy lahy no voasambotra ary misy naman'izy ireo iray efa voatazona any am-ponja. Fantatra fa tambajotranjiolahy mihitsy izy ireto satria fanafihana maro teny antoerana no efa vitany. Niainga tamin'ny fahatrarana jiolahy iray ny fanadihadiana. Io no nanondro ireo namany ka nahafahana nisambotra azy ireo. Fantatra fa anisan'ny nandray anjara tamin'ny fanafihana ilay "cash point" teny Ambanialalataosy ny volana oktobra 2022, izay nahaverezana lelavola mitentina 13 tapitrisa Ariary izy ireo. Toy izany koa ilay fanafihana mpandraharaha tao Antanetibe-Itaosy ny volana jolay lasa teo, izay nahaverezana vola mitentina 26 tapitrisa Ariary. Omaly izy dimy lahy ireo no natolotra ny Fampanoavana teny Anosy ka notanana vonjimaika ny ampanja ny efatra.

**R.C**

Analavory

# Tranombarotra voatafika, jiolahy 1 maty, olon-tsotra 3 naratra

Jiolahy miisa efatra nirongo basy sy zava-maranitra no nanafika ity tranombarotra iray tao Tsarazaza, kaominina Analavory ny alin'ny Alahady lasa teo. Avy hatrany dia novakian'izy ireo ny varavarana nidirany tao amin'ilay trano. Tonga dia norobain'izy ireo ny vola tao ka lelavola mitentina Telo hetsy Ariary no lasany. Niantso vonjy sy nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ireo voatafika raha vao lasa ireo jiolahy. Fotoana fohy taorian'izany dia tonga teny an-toerana ny zandary. Raikitra ny fanenjehana ireo jiolahy, izay niarahan'ny zandary sy ny fokonolona. Nirefodrefotra ny basy satria tsy lasa lavitra dia tratra ireo jiolahy. Voasambotra ny roa tamin'ireo jiolahy raha mbola tafatsoaka kosa ireo namany roa lahy. Tsikaritry ny fokonolona anefa fa namonjy niafina tao anaty bozaka ny iray.

Nanaovan'ny zandary tifi-danitra mba hivoaka moramora io saingy tsy nety fa vao maika aza nitifitra ihany izy. Voatery nitifitra ny zandary ka maty vokatr'izany io. Olona miisa telo tamin'ireo fokonolona ihany koa no naratra voatifitr'ilay jiolahy ka ny roa no tena voa mafy.

**R.C**

Andohanilakaka

# Dahalo 5 lavon'ny balan'ny zandary, tafaverina ny omby 73

Naharitra ora maro ny fifampitifirana teo amin'ny zandary sy ny dahalo nangalatra omby tao amin'ny reniranon'i Malio any Tanandava kaominina Andohanilakaka, ny Asabotsy tolakandro lasa teo. Nahery vaika ny fifandonana ka dahalo 5 no maty tsy tra-drano voan'ny bala. Omby izay nentin'izy ireo no tafaverina amin'ny tompony. Ankilany lehilahy iray avy amin'ny fokonolona nanao ny fanarahan-dia no namoy ny ainy voatifitr'ireo dahalo ireo. Nahery vaika ny fifandonana satria dahalo 30 lahy mirongo basy ireto nangalatra omby. Tonga ara-potoana ny Zandary notarihin'ny Kaomandin'ny kaompania Ihosy sy ny lefiny nanao ny fanenjehana an'ireo fahavalom-bahoaka ireo, niaraka tamin'ny fokonolona. « Nisy ny fifandonana indroa niantoana.

**Ariel D.**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 302 - 09 - 23

Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Vary endasina amin'ny makamba

Zavatra ilaina : vary 1 kapoaka, petits pois ½ kapoaka, atody 1, menaka, makamba 110g, tongolo be 3, sira sy dipoavatra

Andrahoy ny vary ary torak'izay koa ny petits pois. Avy eo tsihifo ny petits pois. Kapohy ny atody anaty lovia lalina. Hafanao ny menaka dia arotsahy ao ny makamba efa madio tsara. Rehefa mendy tsara dia tsihifo anaty lovia. Arotsahy anatin'ilay lapoaly indray ny tongolo be, ny vary efa nomasahina kely. Endaso ihany koa ny atody ataovy omelety ary avy eo dia arotsahya o ny vary, ny makamba, ny petit pois. Aza adino ny sira sy dipoavatra. Arorohy tsara dia arosohy mafana.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Milentika*




## Hatsikana an-tsary

*Eny madama*




### Masoandro Miposaka

**Asan'ny Apostoly 13 : 2**

**Ary raha nanao fanompoam-pivavahana ho an'ny Tompo sy nifady hanina ireo, dia hoy ny Fanahy Masina: Atokàny ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa izay efa niantsoako azy.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny vanja tsy manda afo, ny afo tsy manda kitay.**

La poudre ne refuse pas le feu, ni le feu, le combustible.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3059**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | 5 | 8 | | |
| 6 | | 8 | | 1 | | 9 | | |
| | | 1 | 9 | 4 | | | | 2 |
| | | 7 | 3 | | | | | 4 |
| | | | | | 4 | | | |
| | | | | 8 | | 1 | | |
| | 7 | 2 | 4 | | | | | 9 |
| | | | | 6 | 1 | 2 | | |
| | 6 | | 7 | 9 | | | | |

Valin'ny laharana **3058**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 2 | 7 | 1 | 3 | 8 | 5 | 4 | 9 |
| 9 | 5 | 1 | 4 | 7 | 2 | 3 | 6 | 8 |
| 8 | 4 | 3 | 5 | 6 | 9 | 7 | 2 | 1 |
| 5 | 1 | 6 | 3 | 2 | 6 | 8 | 7 | 4 |
| 7 | 6 | 2 | 8 | 4 | 5 | 9 | 1 | 3 |
| 3 | 8 | 4 | 7 | 9 | 1 | 6 | 5 | 2 |
| 1 | 3 | 8 | 2 | 5 | 7 | 4 | 9 | 6 |
| 4 | 9 | 5 | 6 | 1 | 3 | 2 | 8 | 7 |
| 2 | 7 | 6 | 9 | 8 | 4 | 1 | 3 | 5 |

Vondron'ny kandidà 11

# Hamory vahoaka eny Mahamasina

*Milaza ny hanatevindaharana ka hitondra samboady ho mariky ny fanohanany izany seho goavana izany ireo solombavambahoaka 40 mahery nandray anjara tamin'ny fandaharana "Angaredona".*

Hamafa ny dian'ny kandidà Andry Rajoelina sy ireo mpanaradia azy tao amin'ny "Palais des sports Mahamasina" ireo kandida 11 mivondrona eo anivon'ny "Collectif des Candidats" handray anjara amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Taorian'ireo fihaonana nisesisesy niarahany tamin'ireo herivelona samihafa toy ny HCC, FFKM, solombavambahoaka ary firaisamonim-pirenena dia nanapa-kevitra hamory vahoaka ao amin'io toerana mifefy sy mitafo io izy 11 mirahalahy. Omaly, tonga teny amin'ny prefektioran' Antananarivo nametraka taratasy mirakitra ny fangatahany alàlana hanatanteraka izany hetsika ireo handray anjara amin'ny hazakazaka ho eny lavoloha ireo. Tazana teny an-toerana nanatitra izany ary nanao sonia ny fangatahana ny kandida Raobelina Andry, Ratsirahonana Lalaina, Hery Rajaonarimampianina, Hajo Andrianainarivelo ary Razafinjoelina Tahina. Nialoha izany, dia nampahafantatra ny depiote Fidele Razara Pierre tao amin'ny fandaharana Miaramanonja fa seho goavana hiresahana amin'ny vahoakan'Antananarivo sy hanoherana ny filatsahankofidian'ny Filoha teo aloha Andry Rajoelina io ary hanangananany Fitsarana Manokana hitsara ny Fifidianana, tahaka ny tamin'ny 2013 io hetsika io ka antsoina hiomana amin' izany ny rehetra.

**Hanapaka ny OMC**

Etsy andanin'izany, nampitandrina ny prefektioran' Antananarivo notondroiny ho zatra mpanome valin-teny boribory ho an'ny mpanohitra io olom-boafidy TIM tany Ambatondrazaka io nandritra ny fanazavany ary nilaza fa manosika azy ireo hanao zavatra tsy ara-dalàna ny fandavana io fangatahan'ny vondron'ny kandida io. Mandra-piandry izany, nisy ny fifampiresahana nataonay tamin'ny tomponandraikitra iray eo anivon'ny prefektiora ka nambarany fa hiakatra eo anivon'ny fivorian'ny OMC, tomponandraikitry ny fandriampahalemana ny mikasika io fangatahana hamory vahoaka io ka andrasana aorian'izany fanapahankevitra ho raisina. Raha iverenana ny vontoatin'ilay fangatahana napetraky ny vondron' ny kandida, dia nilaza izy ireo raha nandresy lahatra ny prefektiora tao anatin'izany fa tanterahina anaty toerana mifefy ny fihaonana ho fitandroana ny filaminana ary tsy mihetsika ao anatiny ao izy ireo miaraka amin'ny olona voriany manomboka amin'ny 8 ora maraina ka hatramin'ny 12 ora antoandro.

**Mamy R.**

Kaominina Antehiroka

# Nivoaka tamin'ny fahanginany ny Ben'ny tanàna

Lasa resabe ny disadisa misy eo amin'ny Ben'ny tanànan'Ambohibao Antehiroka sy ny lefiny teo aloha. Taorian'ny fanambarana an-gazety nataon'ity farany dia nivoaka tamin'ny fahanginany ny Ben'ny tanàna, Rivolalaina Vonjy Arthur, na i Lalaina Vatosoa, araka ny anarana hahafantaran'ny maro azy. « *Araka ny lalàna 2014-020, andininy faha-114, dia fahefana feno an'ny Ben'ny tanàna ny manendry sy manaisotra ny lefitra voalohany na lefitra faharoa eo anivon'ny kaominina fa tsy ilana didim-pitondrana avy amin'ny minisitera na fanapahana avy amin'ny tribonaly. Fanosoram-potaka ary tsy mitombona sy tsy marina avokoa ny fiampangana sy ny fanalam-baraka ny tenako sy ny kaominina iray manontolo. Fa maninona moa ny tenako no hanery ny lefitry ny Ben'ny tanàna hanao sonia ? Angaha tsy manankery ny soniako ? Mandeha eny anivon'ny banky avokoa ny karaman'ireo lefitry ny Ben'ny tanàna, ary azo hamarinina an-taratasy ny filazana fa tsy naharay tambinkarama 19 volana ity tomponandraikitra nesorina tamin' ny toerany teo aloha ity. Rehefa hita fa manao ny ezaka rehetra hoentina mampandroso ny kaominina na ny fanjakana dia tsy maintsy misy foana ny mpanenjika sy ny mpanakorontana.* », hoy i Lalaina Vatosoa. Nilaza ny tsy hipetra-potsiny fa haka vadintany hanamarina ny zava-misy ity Ben'ny tanàna ity ary hitondra ny raharaha eo anivon'ny Fitsarana mahefa. Manahy ny hisian'ny kajikajy pôlitika ao anatin'izao raharaha izao ny tenany, izay hoentina hanakanana ny fampandrosoana ny kaominina sy ny vahoaka ao aminy mba handrobahana fahefana ao aoriana kely ao.

*Hampakatra ny raharaha eo anivon'ny Fitsarana mahefa.*

**R. Muray**

Kara-pifidianana

# Ho vita mialoha ny 25 oktobra ny fizarana azy

Miroso hatrany amin'ny fanatanterahana ny zotram-pifidianana ny eo anivon'ny Vaomieram-pirenena mahatelo tena misahana ny fifidianana na CENI. Ankehitriny, dia ny fizarana sy ny fanaparitahana ireo kara-pifidiana ho eny ampelatanan'ny olom-pirenena voasoratra anarana no tanterahin'izy ireo. Araka ny fanazavana nomen'Atoa Andriamalazaray Andoniaina, lefitra voalohan'ny CENI, dia ny 80 isanjaton'izany no efa voazara amin'izao fotoana izao. Tanjona hoy izy ny hamitana ny fizarana ny kara-pifidianana rehetra mialoha ny 25 oktobra ho avy izao. « *Mandeha tsara hatreto ny fizarana ny karatry ny mpifidy. Misy toerana, efa 100% no nahavita izany, misy ny sasany mbola taraiky indrindra ny aty andrenivohitra. Samy manana ny fomba fiasany ny toerana sy ny faritra tsirairay ka izay no mahatonga izany* », hoy ny fanazavany tamin'ny mpanao gazety omaly. Nomarihany fa mety hisy tokoa ny olana madinidika saingy entanina ny olom-pirenena rehetra hiara-hifarimbona sy handray andraikitra momba izany. Raha tsiahivina fa efa miseho lany sahady ny famoahan'ireo olona sasany ny tsy fahatomombanana momba ity kara-pifidianana ity any anaty tambajotra sosialy. Toe-javatra mety hiseho amin'ny raharaha toy itony anefa izany ka tsy ilaozan'ny olana isan-tsokajiny.

**JUDD**

## Marina izany !

### Taom-...pifidianana !

**Raha hanavao ny filoha hitantana ny firenena amin'ny alalan'ny fifidianana isika ny 9 novambra 2023 ho avy izao, mba hanavao ny filoha hitantana ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra ireo mpisehatra amin'io taranja io amin'io volana ambony io. Raha ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny fifidianana no mikarakara ny fifidianana filoham-pirenena, misy vaomiera tahaka io koa eo amin'ny fifidianana ny ho mpitantana ny baolina kitra eto amintsika. Tahaka ny amin'ny fifidianana filoham-pirenena, efa fantatra ireo kandidà nahafeno ny fepetra ho fidiana hitantana ny baolina kitra eto amintsika : raha 13 amin'iry voalohany, 5 kosa amin'ity faharoa. Tena taom-pifidianana tokoa izao faramparan'ny taona izao. Na dia samy fifidianana aza ireo, tsy mitovy satria ny iray tsy vitan'ny hoe raharaham-pirenena fotsiny fa niteraka adihevitra nampizarazara ny mpomba sy ny mpiandany amin'izao na izatsy. Ny iray indray kosa somary mangingina sy tsy be tabataba toy ny milaza fa mizotra sy milamina ny fikarakarana azy. Asa moa raha midika izany fa ho tonga amin'ny vokatra, ny marimarina kokoa angaha ny valim-pifidianana, eken'ny rehetra io fifidianana ny ho mpitantana ny baolina kitra io. Eo am-piandrasana ny latsa-bato aloha, samy manamboamboatra ny sariny sy mampahafantatra ny vinany ireo kandidà miandry ny fotoana fanaovana fampielezankevitra. Na amin'ny taranja baolina kitra na amin'ny raharaham-pifidianana, misy hatrany ny fitsipi-dalao natao hajaina sy harahina hahatonga ny fifaninanana ho madio sy marina. Indrindra indrindra eo amin'ny mpifaninana amin'izao ... taom-pifidianana izao !**

**Herivonjy RAJAONAH**

"Hetsika Fotsy"

# Tsy misy diabe fa samy manao fitafy fotsy amin'ny toerana misy azy

Araka ny efa nampahafantarina teto dia vinavinaina hotanterahina ny 5 ka hatramin'ny 7 oktobra ho avy izao ny « Hetsika Fotsy ». Araka ny fanampim-panazavana voaray tamin'ireo mpikarakara,dia tsy amin'ny alalan'ny diabe velively no hanehoana izany fa samy hanao fitafy fotsy amin'ny toerana izay misy azy fotsiny ny olom-pirenena mandray anjara amin'izany. Ahitsy araka izany ny lahatsoratra izay nivoaka teto amin'ny Gazetiko tamin'ny sabotsy 23 septambra lasa teo. Raha tsiahivina dia hetsika natao hanoherana ny tsy rariny sy ny tsy fanarahan-dalàna izay toa zary mahazo vahana eto amin'ny firenena no anton'ny « Hetsika Fotsy ». Entanina handray anjara amin'izany avokoa ny olona rehetra mahatsapa tena noho ny fisian' izay tsy fanarahan-dalàna izay hanao akanjo fotsy ho entina hanoherana izany. Tanjona goavana hanaovana ny hetsika, ny mba hanehoana amin'ny mpitondra fanjakana fa efa tsy azo leferina intsony ny baranahany izay miseho. Nomarihan'ireo mpikarakara fa tsy misy idiran'ny resaka politika ny hetsika izay hataon'izy ireo.

**JUDD**

LE MATERIEL AUTOMOBILE INDUSTRIEL
« MATERAUTO »

SA au capital de 2 256 210 000 MGA

L'AGE en date du 22/01/2020 a décidé de modifier les statuts comme suit :

La société a pour objet :

- la représentation de toutes les cartes actuellement détenues par MM. SCHAFFNER Frères, qui sont notamment : MERCEDES-BENZ, UNIMOG, etc.
- la représentation de toutes autres firmes françaises ou étrangères agréées par les Associés en vue de l'importation à MADAGASCAR et à l'Ile de la REUNION du matériel industriel et notamment, l'achat en vue de la revente du matériel des firmes représentées, et généralement toutes opérations commerciales, financières, mobilières et immobilières se rattachant directement ou indirectement à l'objet de la Société dont notamment l'exploitation d'un atelier de montage et d'entretien d'automobiles et moteurs à TANANARIVE.
- l'exportation des produits locaux (fruits, épices, céréales, etc...)

NIF : 2000012187
STAT : 51105 11 1940 0 00004
RCS : 2002B00002

GCL627/1-1

midigazetikom@gmail.com

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# APPEL A MANIFESTATION D'INTERET




Opportunité Passionnante : Rejoignez Notre Équipe en Tant que Nouveau Gérant de Stations-service

**Vous aspirez à un métier passionnant, à la tête d'une entreprise dynamique en constante croissance ?**
**Saisissez l'opportunité de devenir notre nouveau gérant de station-service.**

• Galana Distribution Pétrolière SA, filiale du Groupe Rubis à Madagascar, recherche des partenaires engagés dans la gestion des stations-service pour offrir une qualité de service ainsi qu'une expérience exceptionnelle à ses clients.

Ce que nous recherchons :

- Personne physique ou morale , partageant les mêmes valeurs que Galana , notamment l'éthique et la sécurité
- Gestionnaire confirmé
- Focus service client confirmé
- Excellent leader
- Connaissance du métier de la distribution

Comment relever ce défi plus que passionnant ?

- Une déclaration de manifestation d'intérêt avec : le nom du soumissionnaire, la ville de localisation de la station-service
- La prétention en apport financier du soumissionnaire
- Lettre de motivation
- Un curriculum vitae
- CIN

## DATE LIMITE DE DEPOT DE CANDIDATURE

Jusqu'au 26 Septembre 2023 à l'unique adresse gdp.recrutementgerant@galana.mg

GCL 629/1-1